maharitra hatramin'ny farany dia ho azonao ny fiainana mandrakizay ."[19]

Ankoatr'izany dia nanoro hevitra antsika izy hoe: "Izaho Tompo dia mamindra fo sy miantra ireo izay matahotra Ahy ary *finaritra* ny hankalaza ireo izay manompo Ahy amin'ny rariny sy amin'ny fahamarinana hatramin'ny farany."[20]

Ny fankatoavana ny didin'ny Tompo dia manome antsika fahatokiana amin'ilay lalana nosafidiantsika, ary mahatonga antsika ho mendrika ny fitarihany sy ny torolalany rehefa manohy ny ezaka ataontsika isika ary manolotra antsika ny fahafahana ho tonga tahaka ny Mpamonjy antsika, dia i Jesoa Kristy sy ny fiverenana eo anatrehan'ny Ray.

Mivavaka aho mba hitolomantsika isan'andro ho mpankato kokoa ireo lalàna sy ôrdônansy ary ny didin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy mba hahafahantsika ho voatahy bebe kokoa eo amin'ny fiainantsika.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra dia mitondra ny fitahian'ny lanitra, ary velona ny Raintsika any an-danitra sy ny Zanany Lahy, Jesoa Kristy. Ny Bokin'i Môrmôna dia tenin'Andriamanitra ary ny Filoha Thomas S. Monson no mpaminanin'ny Tompo amin'izao androntsika izao. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Harold B. Lee, quoted in Stephen W. Gibson, "Presidency Meets the Press," *Church News,* Jolay 15, 1972, 3.
2. 1 Mpanjaka 11:11
3. 1 Mpanjaka 11:28
4. 1 Mpanjaka 11:31
5. 1 Mpanjaka 11:38
6. Jereo 1 Mpanjaka 11:40
7. Jereo 1 Mpanjaka 12:2–3, 20
8. Jereo 1 Mpanjaka 12:25–30
9. Jereo 1 Mpanjaka 14:10, 15–16
10. 2 Mpanjaka 5:1
11. Jereo 2 Mpanjaka 5:5–6
12. 2 Mpanjaka 5:10
13. Jereo 2 Mpanjaka 5:11–14
14. 1 Nefia 2:10
15. 1 Nefia 3:3
16. 1 Nefia 3:5
17. Jereo *History of the Church*,1:20–21; Fotompampianarana sy Fanekempihavanana 3:10
18. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith (Enseignements des Présidents de l'Eglise) (2007)*,160
19. Fotompampianarana sy Fanekempihavanana14:7
20. Fotompampianarana sy Fanekempihavanana 76:5, nampiana fanamafisana





**Nataon'ny Loholona David A. Bednar**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Miambena amin'ny Faharetana Rehetra

*Ireo fomba fampitandremana mialoha ara-panahy . . . dia afaka hanampy ireo ray aman-dreny ao Ziona mba ho mailo sy hamantatra ny zavatra mahakasika ireo zanany.*

Vao tsy ela akory izay raha nitondra fiarakodia aho dia nanomboka nipitipitika teo amin'ny fitara-piarakodiako ny orana nandritry ny oram-baratra iray. Teo amin'ny sisindalana dia nisy mari-pamantarana iray mampitandrina manao hoe: "Rano Miangona ao Aloha ao." Toa tsy nisy atahorana ny arabe nandalovako kanefa ny fisian'izany filazana lehibe izany dia nanampy ahy hiomana tamin'izay loza mety hitranga tsy ampoiziko sy tsy mbola hitako. Teo am-panohizana ny diako nankany amin'ny halehako aho dia nandeha moramora sady nijery tsara ireo mari-pamantarana fanampiny mampitandrina amin'ny loza.

Mibaribary tokoa ireo mari-pamantarana mampitandrina amin'ny loza mialoha eo amin'ny lafiny maro ao amin'ny fiainantsika. Ohatra, ny fanaviana dia mety ho fambara amin'ny aretina. Ireo mari-pamantarana maro eo amin'ny lafiny ara-bola sy ny ara-barotra dia ampiasaina mba hamantarana ny tranga ho avy eo amin'ny toekarena eo an-toerana sy eo amin'ny sehatra nasiônaly. Ary miankina amin'izay toerana iainantsika eto amin'izao tontolo izao no mety hahenoantsika fampitandremana mikasika ny tondradrano, ny fihotsahan'ny ranomandry, na rivo-doza, na tafofo-dranomasina mahery sy avo, na tadio mahery vaika, na tafiodrivotra mandritra ny ririnina.

Manana ireo mari-pamantarana mampitandrina mialoha ara-panahy koa isika izay loharanom-piarovana sy fitarihana eo amin'ny fiainantsika. Tsarovy ny fomba nampitandreman'Andriamanitra an'i Noà amin'ny zavatra mbola tsy hitany akory, ary "nanamboa[tra] sambo-fiara [izy] hamonjena ny ankohonany" (Hebreo 11:7).

Nampandrenesina i Lehia mba hiala any Jerosalema hiaraka amin'ny fianakaviany ho any an-tany foana satria nikatsaka ny hamono azy ireo olona nitoriany fibebahana (jereo 1 Nefia 2:1–2).



Ny Mpamonjy mihitsy aza dia voavonjy ihany koa tamin'ny alalan'ny fampitandreman'ny anjely iray. "Indro, nisy anjelin'ny Tompo niseho tamin'i Josefa tamin'ny nofy ka nanao hoe: Mifohaza hianao, ka ento ny Zazakely sy ny reniny, dia mandosira any Egypta, ary mitoera any ambara-pilazako aminao; fa Heroda efa hitady ny Zazakely hovonoiny" (Matio 2:13).

Saintsaino ny tenin'ny Tompo ao amin'ilay fanambarana fantatra amin' ny hoe Tenin'ny Fahendrena: "Noho ny sain-dratsy sy ny fikasana izay misy sy hisy ao am-pon' ny mpiaramioko amin' ny andro farany no efa nampitandremako anareo sy efa ilazako mialoha aminareo amin' ny fanomezana anareo ity tenin' ny fahendrena ity amin' ny alalan' ny fanambarana" (F&F 89:4).

Ny fampitandremana ara-panahy dia tokony hitarika amin'ny fampitomboana ny fiambenana am-pahamalinana. Izaho sy ianao dia miaina ao anatin'ny "andro fampitandremana" (F&F 63:58). Ary satria efa nampitandremana isika sy mbola hampitandremana dia ilaintsika araka ny fanentanan'ny Apôstôly Paoly ny "miambina . . . amin'ny faharetana rehetra" (Efesiana 6:18).

Mivavaka aho mba hotarihan'ny Fanahy Masina eo am-pamaritana ireo fomba fampitandremana mialoha ara-panahy izay afaka hanampy ireo ray aman-dreny ao Ziona mba ho mailo sy hamantatra ny zavatra mahakasika ireo zanany. Izany fomba fampitandremana mialoha izany dia azo ampiharina amin'ireo zanaka na firy taona izy na firy taona ary ahitana singafototra telo: (1) famakiana ny Bokin'i Môrmôna amin'ireo zanakareo sy firesahana mikasika izany, (2) fijoroana ho vavolombelona an-tsitrapo amin'ny zanakareo momba ny fahamarinan'ny filazantsara, ary (3) fanasana ireo zanaka mba hihetsika hanao asa amin'ny maha-mpianatra ny filazantsara azy ireo fa tsy miandry hetsehina. Ireo ray aman-dreny izay manao ireo zavatra ireo amim-pahatokiana dia hahafantatra ireo mari-pamantarana mialoha amin'ny fivoarana ara-panahy na ny olana ananan'ny zanany ary ho voaomana tsara kokoa handray fitaomam-panahy mba hankahery sy hanampy ireo zanany.



**Singafototra Voalohany: Famakiana ny Bokin'i Môrmôna sy Firesahana mikasika izany**

Ny Bokin'i Môrmôna dia mitahiry ny fahafenoan'ny filazantsaran'ny Mpamonjy ary io no hany boky nijoroan'ny Tompo ho vavolombelona fa marina (jereo F&F 17:6; jereo koa Russell M. Nelson, "A Testimony of the Book of Mormon," *Liahona,* Jan. 2000, 84). Marina tokoa fa tena vato ifaharan'ny fivavahantsika ny Bokin'i Môrmôna.

Ny hery mandresy lahatra sy mampiova fo ananan'ny Bokin'i Môrmôna dia sady azo avy amin'ny fifantohany tanteraka amin'ny Tompo Jesoa Kristy sy avy amin'ny fahatsorana sy ny fahazavana nentanim-panahy hita amin'ny fampianarana voarakitra ao aminy. Nanambara i Nefia hoe: "Finaritra ao amin' ny fanazavana ny sain' ny oloko ny fanahiko mba hahazoany mianatra" (2 Nefia 25:4). Ny fototra iavian'io teny hoe *anazavana* ao amin'io andinin-tsoratra masina io dia tsy milaza zavatra mahazatra na tsotra; fa kosa, mamaritra torolalana izay mazava sy mora takarina.

Ny Bokin'i Môrmôna no boky marina indrindra amin'ny boky rehetra eto an-tany satria izany dia mifantoka amin'ny Fahamarinana (jereo Jaona 14:6; 1 Nefia 13:40), dia i Jesoa Kristy, ary koa mamerina amin'ny laoniny ireo zavatra mazava sy sarobidy izay nesorina tao amin'ny filazantsara marina (jereo ny 1 Nefia 13:26, 28–29, 32, 34–35, 40). Ny fanakambanana miavaka an'ireo lafin-javatra roa ireo—ny fifantohana amin'ny Mpamonjy sy ny fampianarana tsotra—dia manasa amin-kery ny fanamafisan'ny tenivavolombelona avy amin'ny mpikambana fahatelo ao amin' Ny Andriamanitra dia ny Fanahy Masina. Koa noho izany, ny Bokin'i Môrmôna dia miresaka amin' ny fanahy sy ny fon'ireo mpamaky mihoatra noho ny boky hafa.

Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith fa ny fanarahana ireo fitsipika hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia hanampy antsika "hanatona bebe kokoa an'Andriamanitra" mihoatra noho ny boky hafa (*Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 64). Hanana hery hanoherana ny fakampanahy sy fahatsapana haneho fitiavana amin'ireo fianakaviantsika isika amin'ny alalan'ny famakiana sy firesahana tsy tapaka mikasika ny Bokin'i Môrmôna. Ary ny fifanakalozana hevitra mikasika ny fotopampianarana sy ny fitsipika ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia manome fahafahana ho an'ireo ray aman-dreny hanara-maso ireo zanany, hihaino azy ireo, hianatra avy amin'izy ireo ary hampianatra azy ireo.

Ny tanora ao anatin'ny sokajintaona rehetra, eny fa na ny zaza madinika aza, dia afaka sy tena mahatsapa ny fitarihan'ny fanahy manokana avy amin'ny Bokin'i Môrmôna. Mety tsy hahatakatra ny teny sy ny tantara rehetra ny ankizy kanefa azo antoka fa afaka mahatsapa ilay hoe "tahaka ny manao izany ho tsindrian-javatra" (Isaia 29:4; jereo koa 2 Nefia 26:16) araka ny famaritan'i Isaia azy. Ary miteraka fampitandremana lehibe mialoha ara-panahy ireo fanontaniana

apetrak'ireo ankizy, ireo fanamarihana zarainy sy ny fifanakalozan-kevitra miseho. Ny tena zava-dehibe dia hanampy ireo ray aman-dreny hahafantatra ny zavatra nianaran'ny ankizy, ny eritreriny ary ny fahatsapany mikasika ny fahamarinana izay voarakitra ao anatin'ny soratra masina, ary koa ireo olana izay mety atrehany ny fifampiresahana toy izany.

**Singafototra Faharoa: Fijoroana ho Vavolombelona An-tsitrapo**

Ny fijoroana ho vavolombelona dia fahalalana manokana ananan'ny tena, mifototra amin'ny tenivavolombelona avy amin'ny Fanahy Masina, fa ireo zavatra manana ny lanjany mandrakizay dia marina. Ny Fanahy Masina no iraky ny Ray sy ny Zanaka ary mpampianatra sy mpitarika amin'ny fahamarinana rehetra (jereo Jaona 14:26; 16:13). Vokatr'izany, "azonareo fantarina ny fahamarinan' ny zava-drehetra amin' ny herin' ny Fanahy Masina" (Môrônia 10:5).

Ny fahalalana sy finoana ara-panahy noraisintsika avy tamin'ny Fanahy Masina dia vokatra entin'ny fanambarana. Ny fikatsahana sy fahazoana ireo fitahiana ireo dia mitaky hitsimpo, finiavana marina ary finoana an'i Kristy (jereo Môrônia 10:4). Ny fijoroana ho vavolombelona ananan'ny tena manokana koa dia miteraka andraikitra sy fandraisana andraikitra.

Ny ray aman-dreny dia tokony ho malina sy mailo ara-panahy, hanararaotra ireo fahafahana tampoka hizara fijoroana ho vavolombelona amin'ireo zanany. Izany fotoana izany dia tsy voatery ho voarindra, voalamina ara-potoana, na voasoratra. Raha ny marina, dia arakaraky ny maha tsy voarindra sy tsy voalamina mialoha ny fizarana fijoroana ho vavolombelona toy izany no maha lehibe kokoa ny fahafahana mitondra hery ara-panahy sy fiantraikany maharitra. "Aza manahy mialoha koa ny amin'izay holazainareo; fa raketo lalandava ao tsainareo ny tenin'ny fiainana, dia homena anareo amin'izany ora izany ny ampahany voafatra ho an'ny olona tsirairay" (F&F 84:85).

Ohatra, ny firesadresahana tonga ho azy eo anivon'ny fianakaviana mandritry ny fiaraha-misakafo hariva dia



mety ho fomba tsara indrindra ho an' ny ray aman-dreny hitantarana sy hijoroana ho vavolombelona mikasika ireo fitahiana manokana izay noraisiny nandritra ny asa mahazatra nataony tamin'iny andro iny. Ary ny fijoroana ho vavolombelona dia tsy voatery hiantomboka hatrany amin'ilay teny hoe: "Mijoro ho vavolombelona aminareo aho." Ny fijoroantsika ho vavolombelona dia azo tenenina amin'ny fomba tsotra toy ny hoe: "Fantatro fa nahazo fitaomam-panahy aho androany tany am-piasako," na "Ny fahamarinana ao amin'ity andinin-tsoratra masina ity dia loharanon-kery lehibe izay mitantana ahy hatrany". Ny fahafahana mijoro ho vavolombelona toy izany dia mety mitranga koa mandritra ny fiarahana mandeha ao anaty fiara na amin'ny fiara fitateram-bahoaka na any amin'ny toe-javatra maro samihafa.

Ny fihetsik'ireo ankizy manoloana izany fijoroana ho vavolombelona tampotampoka izany sy ny fahazotoany na fisalasalany handray anjara dia loharano lehibe afaka mampiseho famantarana mikasika ireo fampitandremana mialoha ara-panahy. Ny fihetsika asehon'ireo ankizy avy amin'ny lesona nianarany avy tamin'ny fandalinan'ny fianakaviana ny soratra masina na ny filazany tsy am-pihambahambana ny zavatra tsy azony mikasika ny fitsipiky ny filazantsara iray na ny fampiharana izany dia tokony ho zavatra tena hanaitra sy hanampy ny ray aman-dreny hahatakatra tsara kokoa ny fanontaniana apetrak'ireo ankizy na ny zavatra ilainy. Ny fifampiresahana toy izany—indrindra rehefa mazoto mihaino amim-pitandremana ny ray aman-dreny tahaka ny fahazotoany hiresaka—dia afaka miteraka tontolo ahatsapana fanohanana sy fiarovana ao an-tokantrano ary mamporisika ny fifampiresahana mikasika ireo lohahevitra manahirana.

**Singafototra Fahatelo: Fanasana ireo Ankizy Hihetsika Hanao Asa**

Ao anatin'ireo fizarazarana lehibe ao amin'ny zavatra rehetra noharian'Andriamanitra dia misy ny "zava-mihetsika na ny zavatra hetsehina" (2 Nefia 2:14). Amin'ny mahazanak'Andriamanitra antsika dia nahazo ny fanomezan'ny fahafahana misafidy ara-pitondrantena isika, dia ny fahaizana sy fananana hery hanao zavatra amim-pahalalahana. Noho izany fahafahana misafidy ananantsika izany dia tompon'andraikitra isika ary ny lohalaharana ho antsika dia ny mihetsika fa tsy ny hetsehina fotsiny—indrindra eo amin'ny "[fi]katsah[antsika] ny fianarana amin' ny alalan' ny fandinihana ary koa amin' ny alalan' ny finoana" (F&F 88:118).

Amin'ny maha-mpianatra filazantsara antsika dia tokony "ho mpankatò ny teny, fa [tsy] mpihaino fotsiny" isika (Jakoba 1:22). Ny fontsika dia misokatra amin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina rehefa mampiasa araky ny tokony ho izy ny fahafahantsika misafidy isika sy manao asa mifanaraka amin'ny fitsipika marina—ary amin'izay koa isika dia manasa ny Heriny izay mifono fampianarana sy mijoro ho vavolombelona. Ireo ray aman-dreny dia manana andraikitra masina hanampy ny zanany mba hanao asa sy hikatsaka fahalalana amin'ny alalan'ny finoana. Ary tsy misy izany hoe zaza kely loatra izany amin' ny fandraisana anjara eo amin'izany fomba fianarana izany.

Ny fanomezana trondro olona iray dia hamoky azy amin'ny sakafo indray mihinana fotsiny fa ny fampianarana azy hanjono kosa dia hamoky azy mandritra ny fiainany manontolo. Amin'ny maha-ray aman-dreny sy mpampianatra ny filazantsara antsika, dia tsy natao hizara trondro izaho sy ianao; fa ny asantsika kosa dia ny manampy ny zanatsika hianatra "hanjono" ary tsy ho

voahozongozona ara-panahy. Izany tanjona lehibe izany dia ho tanteraka rehefa amporisihantsika ny zanatsika hanao asa mifanaraka amin'ny fitsipika marina—rehefa ampiantsika izy ireo hianatra amin'ny alalan'ny fanaovana asa. "Raha misy olona ta-hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin'ny fampianarana izy, na avy amin'Andriamanitra izany na miteny ho Ahy Aho" (Jaona 7:17). Izany fianarana izany dia mitaky ezaka ara-panahy, sy ara-tsaina ary arabatana fa tsy fiandrasana ny mba ho toloram-potsiny.

Ny fanasana ireo ankizy amin'ny maha-mpianatra ny filazantsara azy ireo hihetsika fa tsy hohetsehina dia mifototra amin'ny famakiana sy firesahana ny Bokin'i Môrmôna ary fijoroana ho vavolombelona an-tsitrapo ao an-tokantrano. Alaivo sary an-tsaina, ohatra, ny takarivan'ny mpianakavy iray izay hanasana sy hiandrasana ireo ankizy hanomana fanontaniana mikasika ny famakiana sy fandalinana nataony tao amin'ny Bokin'i Môrmôna—na mikasika ny lohahevitra iray izay vao noresahina nandritra ny fifanakalozan-kevitra ara-pilazantsara na ny fijoroana ho vavolombelona an-tsitrapo ao antokantrano. Ary mbola alaivo sary antsaina ihany koa ny fametrahan'ny ankizy fanontaniana amin'ireo ray aman-dreniny izay tsy ampy fiomanana hamaly izany fanontaniana izany araky ny tokony ho izy akory. Mety tsy mifanentana amin'ny fomba fampianaran' ny ray aman-dreny sasany izany fomba fanatanterahana ny takarivan'ny mpianakavy tsy voarindra izany. Kanefa ny takarivan'ny mpianakavy izay tena mahomby indrindra dia tsy voatery avy amin'ireo antontan-kevitra sy antontatsary enti-mampianatra efa voaomana mialoha novidiana na nosintonina avy tamin'ny Internet. Akory ny hatsaran'ny fotoana ahafahan'ny olona ao amin'ny fianakaviana miaraka mandalina ny soratra masina, ary tarihin'ny Fanahy Masina. "Fa ny mpitory dia tsy tsaratsara kokoa noho ny mpihaino, . . . ary samy niasa izy rehetra, ny tsirairay araka ny heriny avy" (Almà 1:26).

Moa ve izaho sy ianao manampy ny zanatsika ho lasa tompon'andraikitra izay mikatsaka fahalalana amin'ny alalan'ny fandalinana sy ny finoana, sa ve nanofana ireo zanatsika isika hiandry hampianarina sy hohetsehina? Moa ve isika amin'ny maha-ray aman-dreny antsika manome an'ireo zanatsika zavatra mitovy amin'ny trondro ara-panahy hohaniny, sa manampy azy ireo tsy tapaka ny hihetsika, sy hianatra amin'ny ezaky ny tenany, ary hiorina mafy sady tsy hiova? Moa ve isika manampy ireo zanatsika hazoto hirotsaka amin'ny fangatahana, sy ny fikatsahana ary fandondonana? (Jereo 3 Nefia 14:7).

Ny fahatakarana ara-panahy izay anananako sy anananao, izay nahazo fanamafisana avy tao am-pontsika fa marina dia tsy azontsika homena tsotr'izao an'ireo zanatsika. Ny saran' ny fahazotoana sy ny fianarana amin'ny alalan'ny fandalinana sy amin'ny alalan'ny finoana koa dia tsy maintsy efaina mba hahazoana sy hananana izany fahatakarana izany "ho an'ny tena manokana". Izany fomba izany ihany no ahafahana mahatsapa ao am-po ny zavatra takatry ny saina. Izany fomba izany ihany no ahafahana manala ny ankizy amin'ny fiankinany amin'ny fahatakarana sy traikefa ara-panahy ananan'ny ray aman-dreny sy ireo olon-dehibe sy mikatsaka ireo fitahiana ireo ho an'ny tenany manokana. Amin'ny alalan'izany fomba izany ihany no ahafahan'ireo zanatsika ho voaomana ara-panahy amin'ireo fanamby eto amin'ity fiainana ity.



#### Fampanantenana sy Fijoroana ho vavolombelona

Mijoro ho vavolombelona aho fa ireo ray aman-dreny izay mamaky sy miresaka tsy tapaka mikasika ny Bokin'i Môrmôna amin'ireo zanany, izay mizara fijoroana ho vavolombelona an-tsitrapo amin'ireo zanany, ary manasa ny zanany amin'ny mahampianatra filazantsara azy ireo mba hanao asa fa tsy miandry hetsehina dia hotahiana ka hanana maso afaka hahita lavitra (jereo Mosesy 6:27) sy sofina izay afaka handre ny feon'ny anjomara (jereo Ezekiela 33:2–16). Ny fahafahana mamantatra sy ny fitaomana arapanahy izay horaisinao avy amin'ny fiarahan'ireo fahazarana masina telo ireo dia hanampy anareo hijoro ho mpitily eo amin'ny tilikambon'ny fianakavianareo—"miamb[ina] . . . amin'ny faharetana rehetra" (Efesiana 6:18)—mba hitahiana ny fianakavianareo akaiky sy ny taranakareo ho avy. Izany no ampanantenaiko sy ijoroako ho vavolombelona amin'ny anarana masin'ny Tompo Jesoa Kristy, amena. ■